



REPUBLIKAN'NY MADAGASIKARA
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana

ce 08/07/24
JCE PV
✓
CRA n° 302
R
2
56



REPUBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-302

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY :

- VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-010/2024 TAMIN'NY 2 MEY 2024 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT DU PROJET DE PRODUCTIVITE ET DE RESILIENCE DES MOYENS DE SUBSISTANCE EN MILIEU RURAL (RIZ PLUS), CONCLU LE 1^{er} MARS 2024 ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET L'AGENCE FRANÇAISE DE DEVELOPPEMENT».
- VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-007/2024 TAMIN'NY 21 FEBROARY 2024 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT DU PROJET TALAKY BE, CONCLU LE 24 JUILLET 2023 ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET L'AGENCE FRANÇAISE DE DEVELOPPEMENT (AFD)».

Fivoriana faha-11
Natao ny
Alatsinainy 23 Jona 2024
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

MPITANTSORATRA: Andriamatoa HENRI Jean Michel

FOTOANA: Alatsinainy 23 Jona 2024, tamin'ny 10 ora sy 50 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny:

- Volavolan-dalàna laharana faha-010/2024 tamin'ny 2 Mey 2024 «autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Projet de Productivité et de Résilience des moyens de Subsistance en Milieu Rural (RIZ PLUS), conclu le 1^{er} mars 2024 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement».

- Volavolan-dalàna laharana faha-007/2024 tamin'ny 21 Febroary 2024 «autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Projet TALAKY BE, conclu le 24 juillet 2023 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD)».

Nitohy ny Alatsinainy 23 Jona 2024, tamin'ny 10 ora sy 50 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques, Filohan'ny Antenimierampirenena Mpisolotoerana no nitarika ny fivoriana.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha, niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Andriamatoa HENRI Jean Michel.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Nomarihany, fa ny Volavolan-dalàna laharana faha-010/2024 tamin'ny 2 Mey 2024 «autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Projet de Productivité et de Résilience des moyens de Subsistance en Milieu Rural (RIZ PLUS), conclu le 1^{er} mars 2024 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement», no hodinihan'ny mpivory voalohany.

Rehefa izay, niangaviany ny Mpampakatenin'ny Vaomiera mba hamaky ny tatitra mikasika izany.

Nanatanteraka izany Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Johnson Anatol, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alatsinainy faha-17 Jona 2024 tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola sy ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra ary ny Vaomieran'ny Teokarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-010/2024 tamin'ny 2 Mey 2024 «autorisant la

ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet de Productivité et de Résilience des moyens de Subsistance en Milieu Rural (RIZ PLUS), conclu le 01 mars 2024 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory;

Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
3. FIENENA Richard Désiré
4. RABEKIJANA Solofo Hery
5. RAFIDIMANANA Narson
6. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol

Tsy nisy tonga ireo Solombavambahoaka mpikambana Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra sy ny Vaomieran'ny Teokarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana.

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|----------------------------------|---------------|
| 1. RAHARINOMENA Fanja | SG MINAE |
| 2. RAHANIRAKA Haingotiana | MEF/DDP pi |
| 3. RAZAFINNDRABE Haingo M | MEF/DDP |
| 4. RAKOTONINDRAINY Zoclyn | MEF/DDP |
| 5. RAZAFINDRATOANINA | Riz plus |
| 6. RANDRIANAIVOMANANA Andritiana | CGPP/MINAE |
| 7. RARIVOARIMANANA Anjaratiana | DUAACCP/MINAE |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana izay notarihin-dRamatoa Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fambolena sy Fiompiana ny fitenenana.

Teo am-panombohana ny fitondrany fanazavana no nanambaran-dRamatoa Sekretera Jeneraly ny mahazava-dehibe ity Volavolan-dalàna ity izay mirakitra ny famatsiam-bola fanampiny ho an'ny tetikasa "RIZ PLUS" na ny «Projet de Productivité et de Résilience des moyens de Subsistance en Milieu Rural» izay ny Minisiteran'ny Fambolena sy Fiompiana no miantsozoka azy.

Raha resahana amin'ny ankapobeny ny momba ny tetikasa dia mifototra amin'ny fampiakarana ny voka-bary sy fanatsarana ny fomba famokarana eto Madagasikara izany. Distrika folo avy amin'ny Faritra roa no voakasiky ny tetikasa dia ny Faritra Alaotra-Mangoro izay ahitana ny Distrikan'Ambatondrazaka, Moramanga ary Amparafaravola sy ny Faritra Sofia izay ahitana ny Distrikan'Antsohihy, Mandritsara, Bealanana, Befandriana, Mampikony, Port Bergé ary Analalava. Dimy taona no faharetan'ny tetikasa izay nanomboka tamin'ny taona 2023 ary hifarana ny taona 2028. Mahatratra hatramin'ny 227 Tapitrisa

Dolara ny famatsiam-bola ho an'ny tetikasa izay iarahana amin'ny Banky Iraisam-pirenena ny 200 Tapitrisa Dolara raha toa 25 Tapitrisa "Euro" kosa no avy amin'ny AFD.

Raha tsiahivina, efa nahazo fankatoavana teto anivon'ny Parlemana tamin'ny Oktobra 2023 ny famatsiam-bola 200 Tapitrisa Dolara avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena. Ny anio kosa dia ny famatsiam-bola fanampiny izay mitentina 25 Tapitrisa "Euro" avy amin'ny AFD no hakana ny fankatoavan'ny Parlemana, ka irariana indrindra ny handanian'ny Solombavambahoaka ity Volavolan-dalàna ity.

Ny tanjon'ny tetikasa dia ny hampitomboana ny vokatra mba ho fanatsarana ny asa fivelomana eny Ambanivohitra amin'ireo Faritra iasan'ny tetikasa eto Madagasikara. Arak'izany, ny asa hotanterahina dia mikendry ny rafitra fambolena mamokatra sy maharitra izay tsy vitan'ny hoe mamaly ny filàna ara-tsakafo sy ny fiveloman'ny mponina ihany, fa mikendry hatrany ny fampiroboroana ny asa fivelomana sy fampihenana ny fahantrana.

Ity tetikasa RIZ PLUS ity dia ahitana singa dimy:

1. Fampiroboroana ny fitantanana sy ny fanajariana ny sahandriaka iarahana amin'ny vondron'olona ifotony;
2. Fanamafisana sy fitantanana maharitra ny fotodrafitrasa sy ny fanondrahana ny lemaka;
3. Fanamafisana ny fahafaha-miatrika (résilience), ny foto-pivelomana sy ny rojom-pihariana;
4. Fitantanana, fanjohiana ny toman'ezaka;
5. Vonjy taitra na ny «intervention d'urgence».

Eo amin'ny vokatra andrasana, ny tetikasa dia heverina fa hampitombo 30%-n'ny voka-bary any amin'ireo toerana hiasany. Velaran-tany 61 000 Hektara izay ahitana sahandriaka sy tanimbary no ho voatrandraka araka ny fomba fitantanana maharitra. Mpamboly manodidina ny 35 000 no hisitraka ny teknolojia sy ny fomba famokarana mifanaraka amin'ny fiovan'ny toetr'andro, ka vehivavy tantsaha avokoa ny 30% amin'ireo. Hisy fihatsarana 25% ny fahafahana mivarotra ny vokatra amin'ireo Faritra voakasika. Tokantrano 150 000 no hisitraka tombony mivantana avy amin'ny tetikasa, ka vehivavy ny 25% amin'ireo.

Mahakasika ny fanazavana momba ny fepetra amin'ny famatsiam-bola izay hakana ny fankatoavan'ny Solombavambahoaka dia toy izao izany:

- Mpamatsy vola: AFD na ny «Agence Française de Développement»;
- Sandan'ny vola nindramina: 25 Tapitrisa "Euro" na 121 714 000 000 MGA;
- Fe-potoana hamerenana ny vola: 25 taona ka ny 7 taona no «période de grâce»;
- Ho an'ny tahan'ny zanabola dia manaraka ny fepetran'ny tahan-janabolan'ny «Euribor» ao anatin'ny enim-bolana izany izay anesorana 2,23% saingy tsy milatsaka ambanin'ny 0,25% kosa;
- Azo atao ny manao tahan-janabola tsy miova raha toa mihoatra ny 30 Tapitrisa "Euro" ny "décaissement" atao;
- Ho an'ny «commission d'engagement» dia 0,5% amin'ny vola tsy mbola nampiasaina izany;
- Ny «commission d'instruction» dia 0,5%-n'ny vola nindramina ary aloha mialohan'ny famoaham-bola voalohany izany.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fametrahan-panotaniana ny mpivory:

FANOTANIANA SY VALINY

1. Efa natomboka ve ny «étude»-n'ity tetikasa ity izay tokony ho nanomboka tamin'ny taona 2023?

Natao ho fanohizana ny tetikasa «riz plus» izay efa nahazoana vola tamin'ny Banky Iraisam-pirenena ny taona 2023 ity findramam-bola ity. Nandritra ny fidinanana ifotony izay natao tany amin'ny Faritra roa izay misitraka ny tetikasa (Alaotra Mangoro sy Sofia) dia nohamafisina ny fametrahana fotodrafitrasa maharitra sy ny fanaovana «approche de viabilité» na fomba fiasa maharitra. Ankehitriny dia ao anatin'ny «phase de recrutement» ny «Bureau d'étude» izay hatomboka ny volana Aogositra ka hifarana amin'ny volana Desambra izao. Izany no natao dia mba ahazoana vokatra azo tsapain-tànana amin'ny taona 2025.

2. Aiza ho aiza ny fangatahana mahakasika ny fisitrahan'ny Kaominin'Ambovory, Distrikan'Amparafaravola sy ny Kaominin'Ambohidava, Distrikan'Ambatondrazaka ny tetikasa «riz plus».

Mahakasika ny fisitrahan'ny Kaominina Ambovory ny tetikasa dia 25 000 Ha no velaran-tany voakasiky ny tetikasa ao amin'ny Faritra Alaotra-Mangoro ka tafiditra ao anatin'izany ny Kaominina Ambovory. Noho izany, hatomboka amin'ny «étude du terrain» ny asa, ka ny volana Jona 2025 no tombanana hahazoana vokatra.

3. Misy fanazavana tsotra ve azonareo omena mba ahafahana mandresy lahatra ny vahoaka hialana amin'ny ahiahy amin'ny fanatanterahana ity tetikasa ity?

Ity tetikasa ity dia tsy natao hampitomboana ny vokatra ihany, fa natao hampiakarana ny fari-piainam-bahoaka ka anisan'izany ny fanampian'ny Fanjakana azy ireo mba hisitraka ara-dalàna ny taniny.

4. Mety hampidina ny fanafarana vary ve ity tetikasa ity?

Mety hampidina ny fanafaram-bary ity tetikasa ity raha toa voahaja tsara ny teknika fambolem-bary izay hampiharina ary vita tsara ny làlana hamoaham-bokatra (piste rurale), ohatra amin'izany ny RN44. Izany no natao dia mba hanafaoanana ny fanitrihana na «spéculation»-n'ny voka-bary eto an-toerana.

5. Firy taonina isaky ny hektara ny voka-bary vokarina eto Madagasikara amin'ny ankapobeny, firy ny ambony indrindra ary aiza?

Amin'ny ankapobeny dia mamokatra 2,5t/ha isika eto Madagasikara, raha ny ambony indrindra dia 6t/ha hatramin'ny 7t/ha izay hita any amin'ny Faritra Alaotra-Mangoro. Raha ampiharina ny teknika moderina dia mety hanatombo 1,5t/ha ny any amin'ny Faritra Sofia ary 0,5t/ha ny any amin'ny Faritra Alaotra

6. Misy fanamboaran-dàlana hamoahana vokatra ve tafiditra amin'ity tetikasa ity?

Ho an'ny Faritra Sofia sy Alaotra-Mangoro manokana dia 150km ihany no làlana (piste rurale) hamboarina

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fakantoavana ny Volavolan-dalàna laharana faha-010/2024 tamin'ny 2 Mey 2024 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet de Productivité et de Résilience des moyens de Subsistance en Milieu Rural (RIZ

PLUS), conclu le 01 mars 2024 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement» ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola.

Noho tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izay, nankatoavin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny Volavolan-dalàna laharana faha-010/2024 tamin'ny 2 Mey 2024 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet de Productivité et de Résilience des moyens de Subsistance en Milieu Rural (RIZ PLUS), conclu le 01 mars 2024 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement», ka hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana ny tamin'ny 5 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Johnson Anatol, tamin'ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory. Avy amin'ny Solombavambahoaka aloha no manao izany, vao ny solotenan'ny Governemanta raha misy.

Tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony no nanambaran'Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery, fa misy diso ao amin'ny fanontaniana faharoa, pejy faha-4. Ny Kaominin'Ambohidava dia Distrikan'Ambatondrazaka ary ny Kaomininan'Ambovory dia ao amin'ny Distrikan'Amparafaravola.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa RATOHIARIJAONA Rakotoarisolo Suzelin, Ministry ny Fambolena sy ny Fiompiana ary nanamarika fa efa voarakitra ao amin'ny antontan-taratsin'ny Minisitera avokoa ny fanamarihan'ny Solombavambahoaka teo, fa ao amin'ny tatitra no nisy tsy nety kely.

Nambarany koa fa misy tokony hamboarina kely ny ao amin'ny pejy faha-3, tsipika faha-4, hanesorana no izy fa tsy latsaky ny.

Ao amin'ny pejy faha-3 ihany, tsipika faha-5, soloina hoe 30 Tapitrisa "Euro" ny "décaissement" fa tsy 3 Tapitrisa "Euro".

Ao amin'ny pejy faha-4, valim-panontaniana faha-4, ny "piste rurale" no anjaran'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana, fa ny "Route Nationale" kosa anjaran'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy.

Ao amin'ny pejy faha-5, valim-panontaniana faha-6, faritra Sofia sy Alaotra-Mangoro no izy fa tsy ny Faritra Sofia irery.

Niverina nanao fanamarihana, Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery ary nilaza fa kely loatra ny fiakaran'ny famokarana ho 0,5t/ha any amin'ny Faritra Alaotra-Mangoro raha ny hita ao amin'ny valim-panontaniana faha-5, pejy faha-5 satria efa teknika moderina no hampiasaina. Nampahatsiahy ihany koa ny tenany fa anjaran'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana ny fanamboarana ny "Piste rurale" sy ny tohadrano, fa ny lalam-pirenena kosa no anjaran'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy araka ny voalazan'Andriamatoa Minisitra teo.

Rehefa izany, nisaotra tamin'ny fanamarihana momba ny tatitra, Andriamatoa Filoha ary nanome fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hamelabelatra ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Tamin'ny fanazavana nentin'Andriamatoa RATOHIARIJAONA Rakotoarisolo Suzelin, Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, no nanambarany fa tetikasa hotanterahina any amin'ny Faritra Alaotra-Mangoro sy Faritra Sofia no tena votoatin'ny Volavolan-dalàna atolotra. Fangatahana famatsiam-bola fanampiny izy ity mba hanatsarana ny fambolena sy hikajiana ny tontolo iainana any amin'ireo Faritra voalaza ireo.

Ny tanjona amin'ny tetikasa araka ny tatitra teo dia ny hampiakarana ny tahan'ny famokaram-bary eto Madagasikara sy mba hampiakarana ihany koa ny vola tokony hiditra amin'ny tantsaha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, tamin'ny fanazavana nataony, Andriamatoa Filoha, nambarany fa hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Nanamarika, Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice, fa mbola ao anatin'ny Faritra Alaotra-Mangoro ny Distrikan'Andilamena ary anisan'ny manana velaran-tany lehibe ahafahana mamokatra vary. Gaga anefa ny tenany fa toa tsy nampidirina tamin'ity Volavolan-dalàna ity mba hisitraka ny famatsiam-bola ny Distrika nahavoafidy azy. Nambarany fa sao misy fitanilàna ny fijerena ireo Distrika tokony hanaovana ny tetikasa.

Nanontaniany koa ny fepetra nojeren'ny teknisianan'ny Minisitry momba ireo Distrika misitraka ny tetikasa.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa DINAH Romual, nambarany fa manana lemaka midadasika koa ny Distrikan'i Maroantsetra ary tsy mila mampiasa zezika ny fambolena kanefa mamokatra be ny tany. Misy tetikasa mandeha ihany any an-toerana saingy tsy mbola hita mivaingana ny vokatra hatreto. Noho izany, mangataka ny hampidirana ny Distrikan'i Maroantsetra amin'ny tetikasa toy ny hita amin'izao volavolan-dalàna izao ny tenany.

Nangataka koa ny tenany mba hiantsoan'ny fitondrana ny Solombavambahoaka alohan'ny hanatanteraka tetikasa any amin'ny Distrika satria misy amin'ireny tetikasa dia fandaniam-bolam-panjakana fotsiny no atao fa tsy mamaly ny zavatra tena takian'ny vahoaka.

Nanambara Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, fa tena sahirana ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao noho ny fidangan'ny vidim-bary.

Toa tsy mijery vahaolana maharitra mikasika izany anefa ny fanjakana fa manafatra vary hatrany no ataony. Raha ampiasaina amin'ny tokony ho izy anefa ny vola indramin'ny Governemanta dia hiroborobo ny fambolem-bary toy ny any Alaotra ary tokony hidina koa ny vidim-bary.

Niangavy ny Governemanta ny tenany mba haka ny hevitra ny Solombavambahoaka alohan'ny hanatanteraka tetikasa any amin'ny Distrika iray satria izy ireo no tena mahafantatra izay tena maharary ny vahoaka ao aminy.

Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin kosa nanamarika, fa tokony hampiakarina ny tetibolan'ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana mba hahafahana mampiakatra ny tahan'ny famokarana eto Madagasikara, indrindra ny famokaram-bary. Nambarany koa fa

lasa misy tondra-drano manimba ny vokatra any Betafo noho ny fahasimban'ny lakan-drano (digue d'évacuation), ka mangataka ny hijerena izany ny tenany. Nomarihany fa efa manao ny ezaka hanarenana izany ny tantsaha any an-toerana, fa ny fanohanana avy amin'ny fanjakana no tsy misy.

Andriamatoa PEPIN MICHOU indray nanambara, fa Distrika tena mamokatra Ankazoabo sy Beroroha kanefa misedra olana maro ny tantsaha any an-toerana. Koa mangataka ny hijeren'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana azy ireo ny tenany.

Andriamatoa NAKANY Charly Zafimagnely kosa nanambara, fa efa tafakatra 1 500 ariary ny kapoakan'ny vary any amin'ny Distrikan'i Beroroha amin'izao fotoana izao, ka mangataka ny fitondram-panjakana mba hijery akaiky izany.

Nomarihany koa fa lehibe ny tany azo ambolena any aminy no sady mamokatra fa ny tohadrano no olan'ny tantsaha, ka tokony hisy ny fanamboarana izany.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, nampahatsiahy fa nampanantena tohadrano miisa 10 ho an'ny Distrikan'Ikongo ny fanjakana tamin'ny vao tonga teo fitondrana ary nampidiriny tao amin'ny tetikasa DEFI izany. Hatramin'izao, tsy nahazo na dia tohadrano iray aza ny Distrikan'Ikongo, ka mangataka ny hijerena izany.

Fisaorana ny fitondram-panjakana noho ny fahavitan'ny tohadrano iray ao Ihosy no nataon'Andriamatoa MONG MANN Bismark raha nandray fitenenana.

Nomarihany fa tsy tokony ho olona mpanao politika no apetraky ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana ho Talem-paritra satria lasa resaka politika no ataony amin'ny fizarana fitaovana ho an'ny tantsaha any Ihorombe.

Tokony hojeren'ny tomponandraikitra koa fa lasa kiantranoantrano ny fahazoana tsenam-baro-panjakana any an-toerana amin'izao fotoana izao.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony ny Solombavambahoaka, nomen'Andriamatoa Filoha, ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana mba hahafahany mamaly ny fanontanina napetraka teo.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RATOHIARIJAONA Rakotoarisolo Suzelin, Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, nambarany fa efa manao "cartographie de projet" ny Minisitera amin'izao fotoana izao, ka tsy hisy intsony ny Distrika hadino saingy ny Faritra Alaotra-Mangoro sy Sofia aloha no hanombohana ny tetikasa.

Nampanatena ihany koa ny tenany fa hatao manara-penitra ny fotodrafitrasa izay kasaina hatao mba tsy hanariana ny volam-bahoaka.

Notsindriany koa fa tsy hisy intsony ny resaka kiantranoantrano momba ny fanomezana tsenam-baro-panjakana.

Ho an'ny Distrikan'Ankazoabo, nambarany fa hisy fitaovana goavana ho avy any an-toerana mba hanampiana ny tantsaha amin'ny resaka fambolena.

Nambarany koa fa tokony hanomboka afaka roa volana eo ho eo ny fanamboarana ny tohadrano any amin'ny Distrikan'Ikongo.

Mikasika ny fanaovan'ny Talem-paritra politika kosa any amin'ny Faritra izay iadidiany dia hanao "recouplement" momba izany ny tenany satria tsy mety ny toy izany.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, tamin'ny valim-panontaniana nomeny, Andriamatoa Filoha dia nanambara fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-010/2024 tamin'ny 2 Mey 2024 «*autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Projet de Productivité et de Résilience des moyens de Subsistance en Milieu Rural (RIZ PLUS), conclu le 1^{er} mars 2024 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement*», ny mpivory.

Nanao Satroka Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice ary nilaza fa tsy novalinan'Andriamatoa Minisitry ny antony tsy nahatafiditra an'Andilamena tao anatin'ity tetikasa ity. Nambarany koa fa tsy manao ny asany ny rantsamangaikan'ny Minisitry, ka lasa mampitsoka ny fitondrana amin'ny ankapobeny mihitsy izany.

Nomarihany koa fa misy teknisiana avy ao amin'ny Minisitry no manao tazan-davitra fotsiny, fa tsy mijery ifotony rehefa hanao tetikasa any amin'ny toerana iray. Noho izany, miangavy ny Governemanta mba hiantso sy haka hevitra amin'ny Solombavambahoaka alohan'ny hanao zavatra iray ao amin'ny Distrika sahaniny.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-010/2024 tamin'ny 2 Mey 2024 ny mpivory.

Nampahatsiahiviny fa ahitana andininy miisa 2 ny Volavolan-dalàna ary araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena: tsy azo kitihana ireo andininy ireo fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandaniana azy. Nomarihany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 14 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny ary tsy nisy nilaza fanemorana.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-010/2024 tamin'ny 2 Mey 2024 «*autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Projet de Productivité et de Résilience des moyens de Subsistance en Milieu Rural (RIZ PLUS), conclu le 1^{er} mars 2024 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement*».

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha manan-kambara.

Nanambara, Andriamatoa RATOHIARIJAONA Rakotoarisolo Suzelin, Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, fa mitovitovy ny Volavolan-dalàna dinihana androany, ka aleo any amin'ny farany vao mandray fitenenana ny tenany.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-007/2024 tamin'ny 21

Febroary 2024 «autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Projet TALAKY BE, conclu le 24 juillet 2023 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD)», ny mpivory.

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany mba hamaky ny tatitra mikasika izany.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, ka toy izao no fivakiny.

Nivory ny Alatsinainy faha-17 Jona 2024 tamin'ny 5 ora, hariva, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola sy ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra ary ny Vaomieran'ny Teokarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-007/2024 tamin'ny 21 Febroary 2024 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet TALAKY BE, conclu le 24 juillet 2023 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD)».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga ny nivory;

Andriamatoa isany:

- 1 ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2 ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
- 3 FIENENA Richard Désiré
- 4 RABEKIJANA Solofo Hery
- 5 RAFIDIMANANA Narson
- 6 RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol

Tsy nisy tonga ireo Solombavambahoaka mpikambana Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra sy ny Vaomieran'ny Teokarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana.

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany :

- | | | |
|---|-------------------------------|---------------|
| 1 | RAHARINOMENA Fanja | SG MINAE |
| 2 | RAHANIRAKA Haingotiana | MEF/DDP pi |
| 3 | RAZAFINNDRABE Haingo M | MEF/DDP |
| 4 | RAKOTONINDRAINY Zoclyn | MEF/DDP |
| 5 | RAZAFINDRATOANINA | Riz plus |
| 6 | RANDRIANAIVOMANANA Andritiana | CGPP/MINAE |
| 7 | RARIVOARIMANANA Anjaratiana | DUAACCP/MINAE |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana izay notarihin-dRamatoa Sekretera Jeneraly ny Minisiteran'ny Fambolena sy Fiompiana ny fitenenana mba hanazavany mahakasika ny Volavolan-dalàna.

Nambaran'ity farany fa ny tetikasa TALAKY BE izay eo ambany fitantanany Minisiteran'ny Fambolena sy Fiompiana dia anisan'ireo vahaolana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo izay mifandray amin'ny olana ara-tontolo iainana vokatry ny asan'olombelona, indrindra eo amin'ny fomba fambolena tsy maharitra any atsimon'i Madagasikara.

Mitentina 40 Tapitrisa "Euro" ny tetikasa, ka ny 20 Tapitrisa "Euro" dia avy amin'ny Vondrona Eropéana izay tsy averina, ny 20 Tapitrisa "Euro" ambiny kosa avy amin'ny AFD.

Any amin'ny Faritra Anosy no hiasan'ny tetikasa, izay ahitana faritra arovana miisa 7 mirefy 250 157 ha ka anisan'izany ny valan-javaboary Andohaëla sy ny faritra arovana vaovao Tsitongambarika ary ny faritra arovana vaovao ao Beampingaratsy.

Tao anatin'ny roapolo taona farany dia nahitana fihenana be ny velaran'ala amin'ireo Faritra hiasan'ny tetikasa, ka tomanana ho 0,51% isan-taona ny tahan'ny fahapotohana ka isan'ny antony lehibe mahatonga izany ny fandripahana ala hahazoana tany hambolena, ny fanaovana tavy ary ny fitrandrahana ireo vokatry ny ala. Miompana amin'ny fanohanana ireo Vondron'Olona Ifotony na (VOI) ny tetikasa amin'ny alàlan'ny fanatsarana ny traikefan'izy ireo eo amin'ny fambolena mba hialana amin'ny fandripahana ala.

Ny tanjon'ny tetikasa dia ny hampiroboroboana ny fambolena mifanaraka amin'ny fiovan'ny toetr'andro izay mifototra amin'ny fanatsarana ny fivelomana sy ny fanjarian-tsakafo ho an'ny mponina marefo. Eo ihany koa ny fitahirizana sy famerenana ny tontolon'ny ala mba hampihenana ny fiantraikan'ny fiovan'ny toetr'andro ary fanamafisana ny firaisankina ara-tsosialy amin'ny alàlan'ny fampandraisana anjaran'ireo mpisehatra eny ifotony.

Mahakasika ny fanazavana momba ny fepetra amin'ny famatsiam-bola izay hakana ny fankatoavan'ny Solombavambahoaka dia toy izao:

- Mpamatsy vola: AFD na ny «Agence Française de Développement»;
- Sandan'ny vola nindramina: 20 Tapitrisa "Euro" na 98 505 000 000 MGA;
- Fe-potoana amerenana ny vola: 25 taona, ka ny 7 taona no «période de grâce»;
- Ho an'ny tahan'ny zanabola dia manaraka ny fepetran'ny tahan-janabolan'ny «Euribor» ao anatin'ny enim-bolana izany izay anesorana 2,01% saingy tsy milatsaka ambanin'ny 0,25% kosa;
- Azo atao ny manao tahan-janabola tsy miova raha toa mihoatra ny 30 Tapitrisa "Euro" ny famidram-bola atao;
- Ho an'ny «Commission d'engagement» dia 0,5% amin'ny vola tsy mbola nampiasaina;
- Ny «commission d'instruction» dia 0,5%-n'ny vola indramina ary aloha mialohan'ny famoaham-bola voalohany;
- Ny «indemnité d'annulation du crédit» dia 2,5% izay kajiana amin'ny alàlan'ny renivola izay tsy nampiasaina.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fakantoavana ny Volavolan-dalàna laharana faha-007/2024 tamin'ny 21 Febroary 2024 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet TALAKY BE, conclu le 24 juillet 2023 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD)» ny Vaomieran'ny Fitantanambola sy ny Tetibola.

Noho tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izay dia nankatoavin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny Volavolan-dalàna laharana faha-007/2024 tamin'ny 21 Febroary 2024 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet TALAKY BE, conclu le 24 juillet 2023 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD)*», ka hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana ny tamin'ny 6 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny, tamin'ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa Filoha dia nanambara fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny mpivory.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa RATOHIARIJAONA Rakotoarisolo Suzelin, Ministry ny Fambolena sy ny Fiompiana, kosa nanamabara fa manana fanamarihana momba ny tatitra.

Ao amin'ny pejy faha-3, tsipika faha-2, tokony hosoloina toy izao: ho an'ny tahan'ny zanabola dia manaraka ny fepetran'ny tahan-janabola "Euribor" ao anatin'ny enim-bolana ary anesorana ny 2,01% saingy tsy milatsaka ambanin'ny 0,25%.

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana momba ny tatitra intsony ny mpivory, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hamelabelatra ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RATOHIARIJAONA Rakotoarisolo Suzelin, Ministry ny Fambolena sy ny Fiompiana, nanambara fa hanatanterahana tetikasa any amin'ny Faritra Anosy ny vola indramina amin'ny alàlan'ity Volavolan-dalàna ity.

Ny "Agence Française de Développement" na AFD no mamatsy vola ny tetikasa ary mitentina 40 Tapitrisa "Euro" izany, ka ny antsasany amin'io vola io dia fanomezana avy amin'ny Vondrona Eoropeana izay tsy averina.

Vinavinaina hatratra 2 alina ny olona hisitraka ny tetikasa ary hatsaraina ny velon-tenan'ireo mpamboly izay monina manamorina ireo valanjava-boary any amin'iny Faritra Atsimo iny. Izany hoe, rehefa manana antom-pivelomana mazava ireo mpamboly manamorina ny valanjava-boary dia tsy hiditra na hitrandraka ao anaty valanjava-boary arovana intsony izy ireo.

Ny zavatra andrasana amin'ity tetikasa ity dia ny fanajariana ireo lemaka, famatsiana masomboly manodidina ny 500 taonina ho an'ny mpamboly ary fanomezana fiofanana ho azy ireo mba hahafahany mampiasa ny tetikasa antsoina hoe: "agroécologie".

Nomarihany fa tsy miasa irery ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana amin'ny fanatanterahana ny tetikasa, fa miara-miasa amin'ireo Vondron'Olona Ifotony (VOI) sy ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana ary ny Minisiteran'ny Fanajarian-tany sy ny Fitsinjaram-

pahefana. Izany hoe, misy fifandrindran'asa ataon'ireo Minisitery voakasik'ity tetikasa ity amin'ny fanatontosana azy.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, tamin'ny fanazavana fohy sady mafonja, Andriamatoa Filoha dia nambarany fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory.

Rehefa tsy nisy nanan-kambara ny mpivory, nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-007/2024 tamin'ny 21 Febroary, ny mpivory.

Nampatsiahy ny tenany, fa ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no arahina amin'ny fifanarahana iraisam-pirenena tahaka izao, ka na laniana na tsipahina na ahemotra ny fandaniazany azy sady tsy azo kitihana ihany koa ireo andininy miisa roa ao aminy.

Nomarihany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ity Volavolan-dalàna ity.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 11 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nilaza fanemorana.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-007/2024 tamin'ny 21 Febroary 2024 «*autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du Projet TALAKY BE, conclu le 24 juillet 2023 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD)*».

Taorian'izay, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha misy tiany ambara taorian'ny fahalanian'ny Volavolan-dalàna miisa roa teo.

Fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandaniazany ny Volavolan-dalàna miisa roa natolotry ny Governemanta no nataon'Andriamatoa RATOHIARIJAONA Rakotoarisolo Suzelin, Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, raha nandray fitenenana. Nambarany fa tena mitsinjo ny tantsaha Malagasy tokoa ny Solombavambahoaka ary ny Governemanta koa dia miezaka ny manohana ny fiharian'ny tantsaha eto Madagasikara, indrindra amin'ny resaka fambolem-bary.

Ekena fa mbola manafatra vary ny fitondrana satria ambany ny taham-pamokarana izany eto amin'ny firenena raha oharina amin'ny filàn'ny mponina. Efa misy anefa lamina sy programan'asa hatao mandritry ny 5 taona ho avy mba hampihenana an'io fanafarana vary avy any ivelany io.

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka nanao satroka, ka nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana.

Fisaorana an'Andriamatoa Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, noho ny fahatongavany nanatrika izao fivoriana izao no nataon'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, raha nanao satroka satria vitsy ny Minisitry tonga manatrika fivoriana amin'ny fandaniazany "ratification" tahaka izao, fa solotena hatrany no alefa eto amin'ny Antenimierampirenena.

Nangataka ny hijerena manokana ny harendrina ho entin'ny Solombavambahoaka mody any amin'ny Distrika misy azy avy koa ny tenany satria efa akaiky ny fetim-pirenena Malagasy.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy Andriamatoa Filoha, fa tsy tontosa ny asam-baomiera tokony ho natao mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'Aménagement du Fly-Over (Maki) croisement entre la route "Francophonie" et le Boulevard de "l'Europe", conclu le 11 octobre 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)» sy ny Volavolan-dalàna laharana faha-006/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de projet d'autonomisation et de résilience des filles en Afrique de l'Est (PI 79293)-East Africa Girls'Empowerment and Resilience Program (EAGER), conclu le 13 octobre 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)». Noho izany, tsy misy ny fivoriambe izay kasaina hatao anio amin'ny 3 ora, tolak'andro.

Amin'ny Zoma 28 Jona 2024, amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivoriambe handinihana ny Volavolan-dalàna laharana faha-009/2024 tamin'ny 2 Mey 2024 «autorisant la ratification de l'accord de partenariat entre l'Union Européenne et ses Etats membres d'une part, et les membres de l'OEACP d'autre part ou accord de Samoa».

Amin'ny 3 ora, tolak'andro, kosa ny fivoriambe handinihana ny Volavolan-dalàna laharana faha-003/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 «autorisant l'accord de prêt relatif au financement du projet d'aménagement hydroélectrique de Ranomafana sur la rivière Ikopa, conclu le 01 août 2023 entre la République de Madagascar et l'Eximbank de Chine» sy ny Volavolan-dalàna laharana faha-004/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 «autorisant l'accord de prêt relatif au financement du projet d'électrification dans les Régions de Melaky, de Menabe, d'Atsimo Andrefana, d'Androy et d'Anosy (Projet ANGOVO) conclu le 24 juillet 2023 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD)».

Niato tamin'ny 12 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

